# Ilay Voa Tsara Nafafy

**12** **Talata**
jona

***(Hoy Jesosy :)*** **Koa amin'izany na zovy na zovy no mandre izany teniko izany ka mankatò azy, dia hoharina amin'ny lehilahy manan-tsaina izy, izay nanorina ny tranony teo ambonin'ny vatolampy. Ary latsaka ny ranonorana, ka nisy riaka be, sady nifofofofo ny rivotra ka namely izany trano izany ; nefa tsy nianjera izy, satria efa naorina teo ambonin'ny vatolampy.** Matio 7. 24-25

**Kristy, Ilay Vatolampy (2)**

*Vatolampy tsy mihontsona,*
*Ilay napetrak'Andriamanitra*
*Ho fialofana mahavonjy*
*Ho an'ity foko reraka matetika !*

*Vatolampiko, fiarovako,*
*Fiereko sady miaro ahy,*
*Famonjena ho ahy amin'ny fahoriana,*
*Dia Jesosy, Ilay Mpanavotra.*

*Mirohondrohona eo amin'ny tongotro ny ranomasina ;*
*Mitsoka manodidina ahy ny rivotra :*
*Eo amin'i Kristy, Ilay vatolampiko, no miorina*
*Ny fanantenako sy ny finoako.*

*Misafoaka foana ny tafio-drivotra*
*Tsy misy fahazavana mamiratra ;*
*Izaho kosa ao anatin'ny oram-baratra*
*Dia milamina miandry ny maraina handimby ny alina.*

*Raha avy tampoka ny tafiotra,*
*Hitanao ve io fialofana io ?*
*E ! Raiso ilay tanana maherin'i Kristy :*
*Te hamonjy anao Izy.*

„Ary hisy lehilahy ho fierena amin'ny rivotra sy ho fialofana amin'ny ranonoram-baratra… Ho alo-batolampy lehibe amin'ny tany maha ana" (Isaia 32. 2).